



# Bandro

ilay ragidro ao Alaotra ◆ das Lemurenkind

the gentle lemur of the lake ◆ le lémurien du lac

Herisoa Podwika Rafaralahisoa - Mamy Raharolahy


# TENY FANOLORANA

Raisiko ho voninahitra sy fifaliana ny anoratako ny teny fanoloran'izao sangan'asa nataon-dRamatoa Herisoa izao dia ny fanoratana boky ho an'ny ankizy madinika sy ny vahoaka maneran-tany ho fiarovana ireo voary mampiavaka an'Alaotra. Ny vary sy besisika no nahafantarana ny farihin' Alaotra, kanefa dia misy koa ireo harena zavaboary hita ao amin'izany toerana izany toy ny Onjy sy Bandro. Noho ny fahasimban'ny zetra ao Alaotra sy ny fihazana ireo biby isan-karazany izay nisy tao amin'izany farihy lehibe indrindra eto Madagasikara izany dia nisy ireo karazam-boro-na efa tsy misy ao intsony ankehitriny ka anisan'ireny ny Onjy. Tao anatin' izay 30 taona lasa izay dia an'arivona hekitara maro no zetra fonenan'ny Bandro may satria navadika ho tanim-bary ireo zetra nitazona hamandoana sy fonenana voajanaharin'ny varika izay ao Alaotra ihany no ahitana azy eto ambonin'ny tany dia ny Bandro.

Tafiditra ao anatin'ny lisitry ny primates miisa 25 maneran-tany ahiana ho lany tamingana ny Bandro noho ny fahapotehan'ny zetra sy ny fihazana ao amin'ny faritra Alaotra. Noho izany dia izao tontolo izao mihitsy no te hitondra ny anjara birikiny mba hiarovana ity harena sarobidy ao Alaotra ity. Satria moa ny fiarovana ny Bandro dia maika ary izay rehetra manan talenta dia antsoina hifarimbona hitondra izay anjara azony ho tanterahina dia anisan'izany adidy masina hiarovana ny Bandro izany izao boky noso ratan-dRamatoa Herisoa izao ho an'ny kilonga madinika mahay teny Mala gasy sy tia tantara.

Mino sy manantena aho fa hisy fiantraikany eo amin'ny fiarovana ny Bandro izao asa soratr'i Ramatoa Herisoa izao satria azon'ny mpanabe rehetra ampiasaina ary fianarana sy fialam-boly ho an'izay mamaky izany, indrindra ny ankizy madinika.

Koa mino aho fa ho maro ny olona hanao toy izao nataon'i Ramatoa Herisoa izao izay endriky ny fitiavana ity tanindrazana sy tanin-jafy iombonana izay notahian-Janahary manokana ity noho ireo harena marobe ao aminy.



**Jonah R A T S I M B A Z A F Y**
Profesora - Mpikaroka - Mpampianatra
Oniverisite an'Antananarivo - Madagasikara
Sekretera Jeneraly GERP
Filoha Lefitra IUCN/SSC
Primate Specialist - Sokajy Madagasikara
+ 26133 12 338 83
B.P. 779 - Antananarivo Madagasikara
jonah@gerp-mg.org www.gerp.mg

Isaorako voalohany indrindra Andriamanitra fa Izy no nahafahako nanaton tosa izao boky izao. Izy no nanolo-tsaina sy nanampy ary nampahery ahy tamin' ny fanoratana ity tantara ity nandritra ny fotoana nahararaiko «burn-out» tamin'ny 2012 ary mbola manome fahasoavana mandrak'androany.

Misaotra an'i Christophe sy Mirana ary Mendrika fa navelanareo naka fotoa na be dia be tamin'ny fiainam-pianakaviantsika aho nanatanteraka ity boky ity. Tena nanampy sy namporisika ahy tokoa ianareo. Tiako be ianareo.

Isaorako ny fianakavian'ny vadiko sy ny fianakaviako fa nanampy ahy tamin'ny fanatontosana izao ezaka izao.

Mipao-tsatroka anareo mpandika teny sy mpanitsy rehetra; Josette sy Claudine fa tena lafatra ny asa ary tsara ny vokatra.

Misaotra anao Profesora Jonah tamin'ny fanekenao hanao ny fanolorana. Mankasitraka tamin'ny toro-hevitra tamin'ny fotoana nilana izany.

Misaotra Mamy fa mahasondriana ity boky ity noho ny sary mandravaka azy.

Misaotra sy mankasitraka anareo rehetra tamin'ny fiaraha-miasantsika fa vita soa ny asa ary omem-boninahitra Andriamanitra satria hipariaka eran-tany ity hafatra momba ny harem-pirenena malagasy ity. Dia manantena hiara-hiasa amin'ilay boky manaraka indray an !

Isaorako manokana ianareo mpijery rehetra - na kely na lehibe - izay nanatrika isaky ny nisy fampisehoana nataoko.

Misaotra anareo rehetra izay hampiasa ity boky ity, fantaro sy tiavo ary kajio ny harenantsika mba ho lovain'ny taranaka fara aman-dimby.

MISAOTRA SY MANKASITRAKA TOMPOKO !

**Herisoa P O D W I K A R A F A R A L A H I S O A**
+4178 7793707
www.educationgasy.org





**Mirana sy Mendrika ary ny taranaka fara aman-dimby**

Maro ireo biby amam-borona miara-miaina ao Alaotra, izay farihy lehibe indrindra ao Madagasikara.

Ny Baidro very ihany no ragidro mivelona eny amin'ny zetra eran-tany.

Kely dia kely izy, mitovy lanja amin'ny rano iray tavoahangy lehibe, izany hoe 1 na 2 kilao eo raha lehibe indrindra.




Ohatran'ny halavan'ny sandry - 38 sm hatramin'ny 40 sm - ny halavany ary mitovy halava amin'ny vatany ny rambony izay malemilemy tahaka ny volon'ondry matevina sady miloko volon-davenona. Boribory ny lohany, petaka ny orony ary fohy kely ny sofiny.

Azo atao printy fa tsy azo amidy !


Indray maraina izay, tao amin'ilay nosy kely tao Madagasikara, dia nitsambikimbikina manakatra tendrom-bolosy i Bandro ka nianjera. Soa fa nisy bozaka sy hisatra nitaty azy ka nidoboka tamin'ny tany izy. Nisy nivonto ny sofiny havia, nisy voakiaka kely izy sady natahotra be mihitsy.

Nanambitamby azy i Onjy - ilay ganagana dia - sady namehy ilay nivonto tamin'ny lohany. Nasain'i Onjy niandry ny reniny teo i Bandro ary nijanona teo akaikiny izy mandra-pahatongan'ny reniny.

Rehefa tonga ny renin'i Bandro dia nazavainy izay nanjo azy ka notrotroin'ny reniny izy dia nentiny tao amin'ny akany fipetrahany mba haka aina taorian'ny tahotra nahazo azy.



Azo atao printy
fa tsy azo amidy !




Nitondran'ny reniny laingom-bolosy i Bandro tamin'ny antoandro ka nataony teli-moka fa tena noana be izy. Nifikitra tamin'ny volon'ny reniny i Bandro ny tolakandro raha nitsambikimbikina tamin'ny volosy rizareo.

Tonga namangy an'i Bandro ny namany ny ampitso fa nila zan'i Vivy. Tonga niaraka tamin'ny zanany efatra i Vano mivady. Nanaraka avy teo i Onjy sy ny rahalahany telo izay vonona hilalao sy hifananihany hatrany.

Soa fa eo i Fody izay mahay mampilamina ny kilonga rehefa manao ny tantara foroniny eo izy. Mandritra ny fotoana hihainoan'i Bandro, Vano sy Onjy ny anganon'i Fody dia afaka miresaka momba ny loza mitatao noho ny fihenan'ny zetra sy ny fiitaran'ny tanimbary ny ray aman-dreny rehetra.

Lasa daholo ny mpamangy rehefa hariva ny andro. Reraka i Bandro ka te-hihinana volosy sy bararata. Noana be izy nefa mata hotra ny hianjera eo am-pianihana mba ahazoana laingom-bolosy. Nahagaga fa tsy sahy nilaza izany tamin-dreniny i Bandro. Nakipi ny ny masony mba hahitany tory saingy sarotra izany rehefa noana. Loa-bava ny reniny nandre azy nikofokofoka ka nanao hoe :

-Fa misy inona angaha ry Bandro no tsy mitsahatra mihetsiketsika ianao hatramin'ny natoriantsika?

Saika tsy re ny feon'i Bandro namaly hoe :

- Mmmm... ka noana be anie aho e....

Nasain'ny reniny nifikitra tamin'ny volony izy dia lasa nitady laingom-bolosy sy laingom-bararata rizareo.

Nisaotra an-dreniny i Bandro rehefa tafaverina tao amin'ny akaniny rizareo ary raha vao tonga izy dia natory ka renoka.





Azo atao printy fa tsy azo amidy !

Raha vao mangiran-dratsy dia momana ho amin'ny raharaha miandry azy i Bandro : mitady sakafo, ka saika adinony ilay mivonto eo akaikin'ny sofiny ankavia sy ireo kiakiaka tamin'ny vatany. Nivoaka ny akaniny i Bandro dia … niezaka nananika moramora ny volosy nefa tsy sahy nankeny amin'ny tendrony sady tsy niezaka nitsambikina akory. Nionona tamin'ny bozaka tetsy sy teroa izy na dia tena te-hihinana laingom-bolosy sy bararata aza.

Tonga hamangy azy i Onjy :

- Fa misy inona angaha ry Bandro ? Hafahafa mihitsy ny endrikao izany androany maraina. Mbola marary foana angaha ny lohanao?

-An an an ka ! hoy i Bandro. Efa mihatsara ny lohako … raha izay no tianao lazaina. Hatramin'ilay izaho nianjera omaly dia ohatran'ny adinoko ny fomba fitsambikinana amin'ny volosy.
-Manan-kevitra aho, hoy Onjy tamin'ny namany. Handeha hanontaniako i Vano sy Fody mba hanampianay anao. Afaka hitsambikina sy hananika volosy sy bararata indray ianao ka afaka hitady sakafo irery tahaka ny teo aloha.



Azo atao printy fa tsy azo amidy !



Misakafo eo amoron'ny farihy miaraka amin'ny fianakaviany i Vano. Mampianatra ny zanany misambotra trondro izy. Nilaza izy fa ho avy hanampy an'i Bandro rehefa avy misakafo.

Etsy an-daniny kosa i Fody sady velon-tsioka mampifaly ny zavaboary no manaiky ho avy ihany koa. Mialokaloka miandry an'i Vano sy Fody i Onjy sy Bandro sady miresaka ny karazana kilalao azon'izy ireo atao eto amin'ity nosy kely ity. Rehefa tonga i Vano sy Fody dia hoy i Bandro :
« Izany hoe … adinoko ny fomba fitsambikinana volosy sy bararata ».


Rehefa nieritreritra kely i Vano dia nilaza fa tsy nanadino ny fomba fitsambikinana akory izy fa mety ho raiki-tahotra mafy ka tsy sahy mitsambikina intsony.

Miaraka amin'ny feo mandrotsirotsy dia nilaza tamin'i Bandro i Fody fa mety misy loza miseho eo amin'ny fiainana nefa tsara kokoa ny mitady zotom-pò ao anaty ao dia miezaka mamerina.


Mamporisika sy mampahery an'i Bandro hananika ny volosy i Fody sy Vano ary Onjy sady milaza amin'i Bandro hitady ny volosy akaiky indrindra hanombohany ny fitsambikinana.

Narahan'i Bandro ny torohevitr'izy ireo nefa mafy loatra ny tahotra ka tsy tafatsambikina izy.

Nahita hevitra ireto namany telo. Nisioka i Fody ary i Vano sy Fody kosa nipetraka teo anelanelan'ny volosy roa mba hanome toky an'i Bandro fa vonona hitaty azy ireto namany raha sanatria izy mianjera.



Azo atao printy fa tsy azo amidy !



Azo atao printy fa tsy azo amidy !

Taorian'ny fisalasalana sy ny fampoirisihana maro avy amin' ireto namany dia tafatsambikina tamin'ny volosy sy bararata i Bandro. Fifaliana moa ny azy fa afaka mitsambi-kimbikina indray sady afaka mankeny an-tendrom-bolosy ka hihinana satria noana be mihitsy. Nijanona nefa izy ka nilaza hoe : «Misaotra indrindra ry ireto fa afaka manohy ny fiainako sy afaka hitombo eto amin' ity toerana mahasondirana ity aho. Hitandrina tsara aho isaky ny mitsambikina. Raha toa ka mila ahy ianareo indray andro any, dia aza misalasala. Hanampy anareo koa aho.»

Afaka mifanampy koa isika olombelona tahaka ilay ohabolana malagasy manao hoe : « Fitia mifamaly mahatsara ny fihavanana ».

**Misy karazana fanentanana momba ny « Bandro, ilay ragidro ao Alaotra » ao amin'ny www.dmr.ch/bandro**

**Herisoa Podwika Rafaralahisoa,**

vehivavy malagasy-soisa, manambady, manan-janaka mirahalahy ary manana lalam piainana miavaka - parcours atypique. Manolotra fifaliana, tsiky sy hehy ary teny mamy ho an'izay rehetra hitany any amin'ny tany rehetra lalovany izy.

Rehefa nanorin-tokantrano izy dia nitaiza ny zanany lahimatoa sady nikara-kara sy nitaiza ankizy. Am-pitiavana no nanolorany toerana sahaza ho an'ny fivelarana sy fitomboan'ny ankizy no sady nanorenany fifandraisana feno fifampatokisana niaraka tamin'ireo ray aman-dreny.

Tsy nahagaga raha nandray anjara mavitrika tao amin'ny tanana nisy azy izy rehefa tonga ny fotoana; tsy nisalasala izy nitondra ny anjara birikiny tamin'ny fiandraiketana sy fanaraha-maso ireo mpandrindra sy mpitaiza zaza. Niara-niasa akaiky tamin'ny mpitondra fanjakana izy ary izany asany izany ihany koa no nahafahany nihaino, nanohana ary nampahery fianakaviana maro.

Manao ny asany amin'ny fony manontolo izy noho ny finoany an'Andria-manitra sy ny fitiavany ny mpiara-belona aminy ; any ka miharihary sy miampita avy hatrany ny fahavitrihany sy ny fifaliany eo am-panaovany azy.

Tia mizara momba an'i Madagasikara i Herisoa ka mirotsaka an-tsehatra sy manao ny ainy tsy ho zavatra ho fanasoavana ny mpiray tanindrazana aminy maneran-tany. Manomboka sy manohana tetik'asa maro izy mba ampahafanta-rana ny tena zava-misy marina ara-tsosialy, ara-toe-karena, ara-politika ary ny tontolo iainana sy ny zavaboary Malagasy.Teraka avy amin'izany ny faniriana hamoaka boky izay voasorany tamzain'ny 2012 !

Asa ahafahany mamporisika sy mampivelatra ny fahaiza-mamorona, ny fizarana, ny fanoratana tantara sy fampisehoana ho an'ny ankizy sy ny olon-dehibe. Manana anjara toerana lehibe eo amin'ny fiainany sy ny fiainan'ny fiaraha-monina ny teny :

"Tamin'ny voalohany nyTeny ... Izy no nahariana ny zavatra rehetra ;
ary raha tsy Izy dia tsy nisy nahariana izao zavatra ary izao, na dia iray aza.
Izy no nisiam-piainana ; ary ny fiainana no fanazavana ny olona ". Jaona 1



Tsy nahavita nitady sakafo i Bandro, ilay ragidro ao Alaotra, taorian'ny nianjerany. Nanampy sy namonjy azy ny namany.

Endriky ny fifampatokisana sy ny firaisan-kina ary ny fifanampiana.

Azo atao printy
fa tsy azo amidy !

Manentitra fisaorana sy fankatelemana ho an'ireo mpanohana !

DM ÉCHANGE ET MISSION
GERP
durrell
MWC
MINISTERE DE L'ENVIRONNEMENT, DE L'ECOLOGIE ET DES FORETS
IMPRIMERIE DU CACHOT
Amis des Familles et des Ecoles à Madagascar